REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERA NY TOEKARENA SY NY VOLA
SEKIRETERA JENERALY
FOIBEM-MPITONDRANA ANKAOBEN'NY HETRA
FOIBE ARA-TEKINIKA

FILAZANA MOMBAN' NY FANAMARINANA ARA-KETRA HO AN'IREO KANDIDA AMIN'NY FIFIDIANANA KAOMINALY SY MONISIPALY.

Araky ny Didim-panjakana laharana faha 2019-1541 tamin'ny 14 Aogositra 2019 mametraka ny fomba hikarakarana ny fifidianana kaominaly sy monisipaly,izay hotanterahina ny 27 Novambra 2019 ho avy izao,dia mila Fanamarinana amin'ny Fitantanandraharaha mikasika ny hetra izay manamarina ny fandoavan-ketra ataon'ny kandidà.

Izany fanamarinana izany dia mikasika ireo hetra sy haba tokony aloa eny amin'ny sampandraharahan'ny hetra (CGI).

Ka noho izany, misy ny fangatahana hataon'ireo kandidà izay tokony ahitàna ny asa na andraikitra sahanin'izy ireo, ary izany dia hapetraka:

- eny amin'ireo Ivo-Ketra mahazatra azy ho an'ireo manana Laharam-pamantarana ara-ketra (NIF);

- eny amin'ny Ivo-Ketra akaikin'ny toeram-ponenany, ho an'ny hafa

Ankoatr'izay, dia misy ireto antontan-taratasy vitsivitsy manaraka ireto ilaina :

1- Ho an'ireo kandidà manana laharana ara-ketra (NIF) : karatra maha mpandoa hetra ara-dalàna mbola manankery ;

2- Ho an'ireo mpiasa:
- miasa amin'ny fanjakàna sy ny toa azy dia mila aseho ny taratasy fanamarinana ny karama tato anatin'ny telo(3) volana farany ;
- miasa amin'ny orinasa tsy miakina rehetra dia tsy maintsy manana taratasy avy amin'ny mpampiasa manamarina fa efa nalaina ifotony ny hetra IRSA ary efa voaloa teny amin'ny ivo-ketra misahana izany.

3- Ho an'ireo manana asa tsy voafaritra mazava na ireo olona tsy an'asa, dia mila mandoa ny hetra farany ambany amin'ny « Hetra Tambatra » mitentina 16 000 ariary, ho an'ny telo(3) taona farany.

Ho an'ireo kandidà mipetraka amin'ny toerana (Distrika) tsy misy biraon-ketra, dia mila manantona ny Ivo-Ketra manakaiky azy indrindra.

Antananarivo, faha 21 AUG 2019

NY TALE JENERALIN' NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

GERMAIN
Inspecteur des Impôts